GSDM
Professionnels de l'Agro-écologie

TOROLALANA MAHOMBY, HO AN'NY FAMBOLENA MAHARITRA

FIFANDIMBIASAM-BOLY AN-TANETY

KATSAKA SY LEGUMINEUSE MIFANDIMBY AMIN'NY VARY

TOMBOTSOA:

- Manampy amin'ny fanjarian-tsakafo ;
- Manamasaka ny tany (légumineuse mitondra azota) ;
- Manadio ny tany amin'ny ahi-dratsy sy mandroaka ny bibikely (mucuna) ;
- Azoana rakotra matevina ho fanampin-jezika ;
- Mampitombo ny voka-bary amin'ny taona manaraka.

Karepoka | Striga

TAONA 1

Katsaka sy voanemba

Katsaka sy voanemba notsahina mucuna

mucuna maniry mandritra ny main-tany

TAONA 2

Mamboly vary ambony rakotra katsaka, voanemba sy mucuna

Avela hirakotra mandava-taona ny tany

TSARA HO FANTATRA

1) Raha manta ny tany, tsy maintsy atao ny fanamasahana amin'ny alalan'ny fambolena "légumineuse" manatsara tany ao anaty voly mangahazo, na voanjo alohan'ny idirana amin'ny fambolena katsaka sy voanemba ;

2) Raha lonaka ny tany, ambolena amin'ny fotoana mahazatra ny katsaka sy voanemba; atsaika ny mucuna rehefa matoy ny voanemba ;

Azo ampiasaina avokoa rehefa "légumineuse". Misy azon'ny olombelona atao sakafo, misy ny biby fiompy no mihinana azy. Marihana fa miankina amin'ny faritra tsirairay avy ny karazana legumineuse ampiasaina ;

Rehefa masaka ny tany, mirongatra izay tsy izy ny ahi-dratsy indrindra ny karepoka (Cyperus rotundus) raha tsy ampy ny rakotra amin'ny fiandohan'ny orana ;

Mba hiadiana amin'izany, ampiasaina atao vadim-boly amin'ny katsaka ny mucuna ary ambolena eo ambony rakotra ny vary amin'ny taona manaraka.